

# LES PRONOMS RELATIFS

Ny pronoms relatifs dia teny entina manitatra na manome fanazavana misimisy kokoa ny teny na andianteny iray ao anaty fehezanteny.

Misy karazany roa ny pronoms relatifs, dia ny pronoms relatifs simple sy ny pronoms relatifs complexes.

## 1. Les pronoms relatifs simples

Ireto avy ireo pronoms relatifs simples: que – dont – où – qui

### Le pronom relatif "que"

Ny pronom relatif "que" dia ampiasaina mba hanitarana na hanomezana fanazavana misimisy kokoa momba ny zavatra iharan'ny asa atao.

Exemples:

- Le bus que je prends./ *Ilay taksibe raisiko.*
- La fille que j'aime. / *Ilay tovovavy tiako.*
- Les fruits que je viens d'acheter./ *Ireo voankazo vao novidiako.*

Remarque:

Ilàna fintandremana ny accord eo amin'ny participe passé raha toa ka temps composé no zana-kevitra manarakaraka ny "que."

- La maison que nous avons construite./ *Ilay trano nahorinay.* (féminin)
- Les pommes que j'ai récoltées./ *Ireo paoma notazako.* (féminin pluriel)

Phrases d'exemples:

- Il a vendu la maison que j'ai construite./ *Namidiny ny trano nahoriko.*
- J'aime trop le cadeau que tu m'as offert./ *Tiako loatra ilay fanomezana natolotrao ahy.*
- Elle ne s'intéresse pas à la formation que tu lui proposes./ *Tsy liana amin'ilay fihofanana atolotrao izy.*
- La décision que vous avez prise a étonné tout le monde./ *Nanaitra ny rehetra ny fanapahan-kevitra noraosinao.*
- Tu peux choisir ce que tu préfères./ *Afaka misafidy izay tianao ianao.*

### Le pronom relatif "dont"

- Ny pronom relatif "dont" dia ampiasaina raha toa ka manitatra na manome fanazavana misimisy kokoa miaraka amin'ireo verbe mitaky ny fampiasana ny préposition "de."

- Les documents dont j'ai besoin./ *Ireo antontan-taratasy ilaiko.*
- L'histoire dont tu parles./ *Ilay tantara tantarainao.*
- Le métier dont vous rêviez./ *Ilay asa nofinofisinareo.*

**bus:** taksibe

**prendre:** mandray

**fille:** tovovavy

**aimer:** tia

**fruit:** voankazo

**venir de:** vao avy

**acheter:** mividy

**maison:** trano

**construire:** manorina

**pomme:** paoma

**récolter:** mioty

**vendre:** mivarotra

**trop:** loatra

**cadeau:** fanomezana

**offrir:** manolotra

**s'intéresser à:** liana amin'ny

**formation:** fampihofanana

**proposer:** manolotra (hevitra)

**décision:** fanapahan-kevitra

**étonner:** manaitra

**tout le monde:** ny olona rehetra

**pouvoir:** afaka

**choisir:** misafidy

**préférer:** tia kokoa, aleo

**document:** antontan-taratasy

**avoir besoin de:** mila

**histoire:** tantara

**parler:** miresaka

**métier:** asa

**rêver:** manonofy

**déchirer:** mandrovitra

**livre:** boky

**permettre:** mamela

### Phrases d'exemples:

- Il a déchiré le livre dont j'ai besoin./ *Norovitiny ilay boky nilaiko.*
  - Je te permets de faire ce dont tu as envie./ *Avelako anao izay tianao hatao ianao.*
  - La dernière chose dont je me souviens c'est cette maison./ *Ny zavatra farany tadidiko dia ity trano ity.*
  - Le projet dont ils parlent ne m'intéresse pas./ *Tsy mahaliana ahy ilay tetik'asa resahan'izy ireo.*
- Ampiasaina ihany koa ny pronom relatif "dont" raha toa ka anampiana hevitra momba ny fananan-javatra.
    - Le fille dont le père est médecin./ *Ilay tovoavavy manana dada dokotera.*
    - L'élève dont le le livre est déchiré./ *Ilay mpianatra manana boky rovitra.*
    - Le chanteur dont la photo est sur les journaux./ *Ilay mpihira manana sary eny amin'ny gazety.*
    - La personne dont le portefeuille est volé s'est rendu à la police pour faire la déclaration./ *Nandeha nankany amin'ny polisy nanao fanambarana ilay olona very poketra.* (manana poketra very)
    - Je m'asseyais près d'un homme dont le téléphone sonnait sans cesse./ *Nipetraka teo akaikin'ny lehilahy iray manana finday tsy nitsahatra naneno aho.*
    - J'ai un ami dont la femme est pianiste./ *Manana namana manambady mpitendry piano aho.*

**déchiré:** rovitra

**chanteur:** mpihira

**photo:** sary

**journl(aux):** gazety, vaovao

**personne:** olona

**portefeuille:** poketra

**voler:** mangalatra

**se rendre:** mamonjy (toerana)

**police:** polisy

**déclaration:** fanambarana

**s'asseoir:** mipetraka

**près de:** eo akaiky

**homme:** lehilahy

**téléphone:** finday

**sonner:** maneno

**sans cesse:** tsy misy farany

**avoir:** manana

**ami:** namana

**femme:** vady

**pianiste:** mpitendry piano